Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay zanaka adala



Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Alastair Paterson; Lazarus
Nampifanarahin'i: Ruth Klassen; Sarah S.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Tian'i Jesoa ny miresaka amin'olona ny hamoram-pon'Andriamanitra. Saingy ireo lehiben'ny tempoly dia nimenomenona ny amin'ny fiarahany amin'ny mpanota. Nitantara fanoharana telo tamin'izy ireo Jesoa mba hanehoana aminy fa tena faly Andriamanitra raha misy mpanota manenina noho ny fahotany.

Ny tantara voalohany dia momba ilay lehilahy nanana ondry 100.

Very ny ondriny anankiray. Teo no eo ihany, navelan'ilay mpiandry ondry ny ondry 99 dia lasa nitady ilay ondry iray very izy.





Ilay mpiandry ondry dia tsy nitsahatra nitady ilay ondry very mandra-pahitany azy. Rehefa izany dia nobetainy teo an-tsorony izy ary nentiny nody am-pifaliana.

Ary hoy izy tamin'ireo namany: "Andao hiara-paly isika fa hitako ihany ilay ondriko very."

Nanazava Jesoa fa misy fifaliana be any an-danitra rehefa misy mpanota iray mibebaka. Ny dikan'izany mibebaka izany dia manenina noho ny fahotany – tena manenina ka tsy manota intsony avy eo an!

Ity tantara manaraka ity dia tantaran'ilay vehivavy nanana farantsa 10. Angamba mety ho ny tahiriny rehetra izany. Nisy zavatra nampalahelo niseho. Very ny farantsany anankiray.

Fafao! Fafao! Fafao! Nikaroka teny rehetra teny ilay vehivavy. Hitany ihany ny farantsany. Faly ery izy. Azonao an-tsaina ve hoe inona no nataony avy eo? Notantarainy tamin'ny namany rehetra ny zava-niseho.



Dia niteny
indray Jesoa:
"Misy fifaliana
be ao amin'ireo
anjelin'Andriama
nitra raha misy
mpanota iray
mibebaka."

Ny tantara fahatelo
notantarain'i Jesoa dia
tena nampalahelo tokoa.
Ity tantara ity
dia ny amin'ilay
zazalahy nandao
ny tranon-drainy.



Tany an-tany lavitra tany, nandanilany foana ny volany rehetra tamin'ny hadalana razazalahy. Inona no afaka ataony ankehitriny? Vao maika nihamafy ny nanjo azy, tonga ny mosarena. Mety ho faty ny hanoanana izy.



Kivy razazalahy. Manome sakafo ny kisoa no asa mba hitany Saingy tsy nisy olona nanome sakafo azy. Mety ho nihinana ny sakafon'ireo kisoa angamba izy. Angamba tena izay tokoa no nataony! Tonga saina razazalahy noho izany! "Any amin'ny raiko eny fa na ny mpanompo aza dia mihinana sakafo sahaza azy."





"Andeha hody any amin'ny raiko aho, ary ho lazaiko azy fa nanenina ny amin'ny ditrako aho. Tsy mendrika ny ho zanany intsony. Manantena aho fa mba ho raisiny ho isan'ny mpanompony."

Raha mbola lavitra ny tranony razazalahy, dia tazan'ny rainy. Nihazakazaka, nitsena azy tam-pifaliana ilay ray. Nanoroka, namihina azy.



"Dada, efa nanota
aho. Tsy mendrika
ny ho zanakao intsony."
Nangataka tamin'ny rainy
mba ho raisiny ho isan'ireo
mpanompony razazalahy.
Saingy tsy nanaiky ny
rainy: "Hitondrao akanjo
farany tsara, kiraro,
ary peratra ho
an'ny zanako lahy.
Ary mikarakarà
sakafom-pifaliana."

Nanao fety lehibe izy ireo satria niverina nody ihany ilay zanaka adala. Jesoa dia nitantara ity tantara ity mba hanehoana fa Andriamanitra dia tia mandray ireo mpanota mibebaka sy miverina aminy.



Ilay zanaka adala

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Lioka 15

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra



Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16